**A Ilay tany izay very**

- Notendren'Andriamanitra ho mpitantana an'izao tontolo izao i Adama sy i Eva (Gen. 1:27–28), ka namponeniny tao amin'ny Saha Edena izy ireo (Gen. 2:8). Rehefa tsy nankatò an'Andriamanitra izy ireo, dia noroahina hiala tao (Gen. 3:23). Very ny fahefany manapaka ny Tany.
- Kanefa, manana drafitra hamerenana ny tany very ho an'ny olombelona Andriamanitra. Nomeny sombi-tany kely i Abrahama sy Isaka ary Jakoba: Kanana (Gen. 13:14–15).
- Niitatra niadalana ho amin'ny tany manontolo ny fananany, satria nihatra tamin'ny olona sy ny firenena rehetra ny fahalalana an'Andriamanitra (Is. 11:9).
- Nanova ilay drafitra tany am-boalohany ny tsy fankatoavan'ny Isiraely. Nanangana zanaka ho an'i Abrahama avy tamin'ny vato Andriamanitra mba handova ny teny fikasany: isika (Lioka 3:8; HebreO 6:11-12).

**B Ny tany izay omen'Andriamanitra**

- Tahaka an'i Adama sy i Eva izay tsy nanao na inona na inona mba hanany zo honina tao amin'ny saha Edena, Abrahama sy ny taranany koa dia tsy nanao na inona na inona mba hahatonga azy ireo ho mendrika ny Tany Nampanantenaina. Fanomezana avy amin'Andriamanitra izany.
- Azo ampitahaina amin'ny trano hofaina io fanomezana io. Na dia afaka nonina tao Kanana aza ny Isiraely, dia an'Andriamanitra ihany ny tany (Sal. 24:1).
- Ny tompon-trano no mikarakara ny tafo, ny fantson-drano, sns. Toy izany koa, Andriamanitra no manome ranonorana, miaro ny vokatra, sns, mba hahafahan'ny Isiraely miaina am-pahatokiana eo amin'ny tany nomen'Andriamanitra azy.
- Toy ny tany Edena, dia nisy hofan-trano "haloa": fankatoavana (Lev. 20:22). Tena mahakasika fifandraisana izany: fitiavana an'Andriamanitra sy fankasitrahana ny fitahiany. Omaly, toy ny ankehitriny, dia momba ny finoana hatrany izany ( Heb. 11:9-13).

**D Mahazo ny tany**

a. Rehefa antitra i Josoa, dia nandidy azy Andriamanitra hizara ny tany amin'ny fokon'ny Isiraely, anisan'izany ireo faritany tsy mbola azo (Jos. 13:1–7).
b. Azy ireo ny tany, saingy mbola tsy maintsy nanao ezaka izy ireo mba hahazoana azy. Tsy miasa irery Andriamanitra; fa tiany hanao ny anjarantsika isika.
c. Na dia niady ho amin'ny fandresena aza izy ireo, dia tsy noho ny fahamendrehany ny fahombiazany, fa an'Andriamanitra (Deot. 9:5). Tahaka ny Isiraely, dia tsy misy na inona na inona azontsika atao hahazoana famonjena sy handovana ny teny fikasana (Efes. 2:8-9; Gal. 3:29). Fa raha niady izy ireo... inona no tokony hataontsika ankehitriny?
d. Rehefa voavonjy, dia zavatra roa no takin'Andriamanitra amin'ny mpandova Azy: fankatoavana (Fil. 2:12) sy fankasitrahana (Heb. 12:28).

**B' Mihazona ilay fanomezana**

- Rehefa azo ny lova, dia nisy fitsipika manokana nifehy ny fampiasana ny tany: ny taona sabata sy ny Jobily.
- *Ny taona Sabata*, izay fampiharana mivelatra kokoa ny Sabata, dia mamela ny tany hiala sasatra (Lev. 25:2-5). Ny tsy fitandremana an'io lalàna io no anisan'ny antony nahatonga ny sesitany (2 Tan. 36:20-21).
- *Ny jobily*, izay famerenana ny tany amin'ny tompony tany am-boalohany, dia natao hisorohana ny tsy fitoviana ara-tsosialy (Lev. 25:10, 23, 40-41).
- Raha ny marina, dia izany no tena ivon'ny filazantsara sy tanjona kendreny: ny hamafa ny fahasamihafana misy eo amin'ny mahantra sy ny manan-karena, ny mpampiasa sy ny mpiasa, ireo mahazo tombontsoa sy ireo fadiranovana, ka hametraka ny olona rehetra eo amin'ny toerana iray mitovy amin'ny alalan'ny fanekena fa ilaintsika tanteraka ny fahasoavan'Andriamanitra.

**A' Azo indray ny tany**

- Noho ny tsy fankatoavany dia nesorina tamin'ny taniny ka nalefa tany Babylona ny Isiraely. Tsy nandao azy ireo anefa Andriamanitra.
- Nampanantena Izy fa hampody azy ireo, ka hanome azy mandrakizay ny tany, sy hametraka an'i Davida ho mpanjakany (Ezek. 37:25). Saingy tsy nahazo izany tany izany mandrakizay ny Isiraely, ary Davida dia maty efa ela. Inona àry no hevitr'io faminaniana io?

- Jesosy no ambara etoana: ilay tena Mpanjaka manjaka mandrakizay. Izy izay manome toky antsika ny amin'ny lova mandrakizay noho ny rany.
- Izy no fahatanterahan'ny teny fikasana rehetra (Rom. 15:8; 2 Kor. 1:20). Ao Aminy no ahazoantsika ny fitahiana ankehitriny sy amin'ny ho avy, dia ny lova nampanantenaina (1 Pet. 1:3-4). Tsy ho ela dia hanitsaka ny Tany Nampanantenaina ny tongotsika.